“Tsy ho lazaiko aminareo va momba ny mesia sandoka izay tsy nisy mpaminany tsy nilaza tamin’ny vahoakany? izy io dia toka-maso, ary miaraka aminy ny paradisa sy ny afo,

Tatitra azo avy tamin'i Abou Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : “Tsy ho lazaiko aminareo va momba ny mesia sandoka izay tsy nisy mpaminany tsy nilaza tamin’ny vahoakany? izy io dia toka-maso, ary miaraka aminy ny paradisa sy ny afo, Ka izay nolazainy fa paradisa no afo, ary mampitandrina anareo aho tahaka ny nampitandreman’i Noah ny vahoakany”.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nampahafantatra ny mpiara-dia aminy ny Mpaminany (S.A.W) momba ny mesia sandoka sy ny toetrany ary ny fambara momba ireo zavatra izay tsy mbola nisy Mpaminany nitantara izany, anisan'izany ny hoe : Izy io dia toka-maso. Ary Allah Tsitoha dia nandefa miaraka aminy ny Paradisa sy ny Afobe, araka ny fahitan’ny maso. Fa ny paradisany dia afobe, ary ny afobeny dia paradisa, ka izay mankato azy dia ho tafiditra ao amin’io paradisa io araka ny fahitan’ny olona azy, fa kosa afo miredareda izany, ary izay tsy mankatò azy dia ampidiriny any amin’ny afobe araka ny fahitan’ny olona azy, saingy paradisa mahafinaritra kosa izany. Avy eo dia nampitandrina antsika ny Mpaminany (S.A.W) amin’ny fakam-panahy ataony, tahaka ny nampitandreman’i Noah ny vahoakany momba izany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3110